


## ETO NY VIDEO MANONTOLO TAMIN'NY ALAHADY 3 MARS 2013 TAO AMIN'NY COLISEUM ANTSONJOMBE

Tontosa soa aman-tsara ilay hetsika nokarakarain'ny Sendikan'ny Artista Mpanao Mozika Malagasy ho fanampiana ireo mpiray tanindrazana any Atsimo Andrefana, tra-boina noho ny rivo-doza Haruna. Io hetsika io dia natao tao amin'ny Coliseum Antsonjombe, ny Asabotsy 2 sy ny Alahady 3 mars 2013. Ireto ny vola sy entana voangona :

**Vola: 14.200.000 ariary**

**Vary: 33,100 Tonnes**

**Menaka: 305 Litres**

**Siramamy: 10 Tonnes**

**Savony : 10 Cartons**

**Kojakoja samihafa : 03 Camions**




**DAMA (Tarika Mahaleo), mpikambana ao amin'ny Sendikan'ny Artista Mpanao Mozika Malagasy**

*"Hatraminy omaly (asabotsy 2 Marsa 2013) dia efa nanao tohi-vakana ny olona, ary ny mahafinaritra dia izao: mandeha tongotra ny olona, mandeha aty Antsonjombe. Lavitra ny aty Antsonjombe fa tonga ny olona mandeha tongotra.*




*Ary ny tena mahafaly anay izanydia na dimapolo aza, na roampolo aza, na ariary folo aza dia misy mitondra ny anjara birikiny. Izay no anisan'ny mampiseho hoe: samy mba mahatsirao tena daholo izany isika rehetra . Tsy hoe ny manan-katao ihany no tonga fa na dia ny sahirana aza dia tonga maneho ny fandraisan'anjara an-dry zareo ny any Atsimo. Ary ny zavatra ho ataonay, izay adidy masina ho anay ato amin'ny Sendikan'ny Mpanao Mozika, -efa be izay natao tany aloha izay, ary ny ahiahy tsy hiavanana, satria tsy fantatra marina hoe tonga any ipotony ve ny entana - ny fiandraiketana ny fanaterana ny entana mandeha any Toliara. Ho tonga soa aman-tsara any amin'ireo olona tokony mila izany fanampiana izany.*




*Izany no tena zava-dehibe : tena harahinay maso ; ohatra ny anakandriamaso ny hanarahinay ireo entana ireo. Ny zavatra mahafaly koa dia mahatsiaro tena izahay ato amin'ny Sendikan'ny Mpanao Mozika fa tsy raharahan'ny Sendika fotsiny ihany ity fa lasa raharaha ikambanan-tsika mponina eto Madagasikara. Fa izay eto amin'ny Sendika no mikarakara sy manaitra fotsiny. Fa ny tena marina dia tsapanao izao fa tsy an'ny Sendika ihany ity hetsika ity, fa antsika rehetra. Izao no hampisehon-tsika fa tsy gidragidra na adiady foana  ny eto Madagasikara, fa mampiseho ny olona fa afaka mifamelona tsara isika eto Madagasikara, dia izao ataon-tsika izao ».*




*Mazava izao: tojo fasahiranana ny firenena iray manontolo, no ny rivo-doza Haruna izay namela takaitra any amin'ireo faritra Atsimo-Atsinanan'ny Nosy.*

*Vao nahare ny olompirenena mahala maka sy mandray andraikitra dia tonga dia nirodorodo tsy nisy atak'andro. Tsy mila ho tenenina eto ny anaran'izy ireo fa fanta-poko fantam-pirenena araka ny fiteny ".*







**Na kely, na lehibe, na vavy na lahy: ireo no tena vahoaka Malagasy**




**Somary malotoloto ireto vola 100 sy 200 ariary *"tsy toko tsy foroana"* (hoy i Ndriana Ramamonjy izay) ireto, fa ny fo nanolotra dia madio tanteraka, avy amin'ireo mpiray**

**tanindrazana efa mba sahirana**

Fa ndry! Nankaiza, ohatra, ireo ao amin'ny fiangonana toa an'ny FFKM, ry Mailhol sy ny tariny? Sa *"mivavaka mangina"* dia izay? Ary nankaiza ireto kandida ho Filoham-pirenena? Tena tsy hita tabilao, nefa amin'izao andro sarotra izao no mba hahitana raha mahay mamaha olana ny mpitarika, indrindra fa ara-sosialy? Aiza ry Sarah Georget Rabeharisoa -izay hanofa
*«hélicoptère»*
hanaovana propagandy-? Aiza ry Patrick Raharimanana. F'angaha tsy vitan-tsika indray io? Aiza ry Me Avoko sy ireo namana mpikambana
*«manerana ny nosy»*
? Aiza ry Jean Lahiniriko, sns? Sa rehefa mihetsika ry zareo ireo dia misy sandany? Ny
*«mouvance»*
Ravalomanana moa dia tsy ireo mpiray tanindrazana no mahamaika azy fa mitady izay fomba rehetra anaovana fitaovana an'i Bebe Razay. Fitaovana politika ka any ireo zanak'i Dada efa voageja ara-tsaina tanteraka sisa no mitehaka.




Izany ve ianareo no hoe hitondra firenena? Tsy ho faty daholo ny Malagasy any ambany ravin-kazo any satria ny aty an-tanàn-dehibe ihany no afaka manao ronono an-tavy? Sa tena sarotra ny manangona 250 tapitra amin'ilay firotsahana ho Filoha? Ny an'olo-tsotra aza 500 na 1.000 fmg foiny na dia tsy manana am-pelatànana aza ary tsy sandaina fa vokatry ny fo sy ny fitiavana? Mazava aminy izao ilay «**FITIAVANA-TANINDRAZANA-FANDROSOANA**». Fa ny anareo ? « FANKAHALANA-IZAHO SAMY IRERY-FIHEMORANA ».

Iny hetsika tao amin'ny Coliseum Antsonjombe iny nandritra ny roa andro iny dia nanabaribary fa kay tena tsy misy ilana azy tokoa ny ankamaroan'ny mpanao politika malagasy. Tsy nisy na iray aza nahafoy vola tamin'ilay karama be vao noraisina tamin'iny faran'ny volana Febroary iny.

Ny fitia, hono, tsy mba hetra ry zareo a ! Nefa miseho manam-bola sy mitaingina 4X4 raitra be (re any an-dalambe izany teny izany). Sa mbola lasa nitety vahiny nangataka fa hoe mijaly ny *« vahoaka malagasy»*
? Sa an'ny Mialy sy Andry Rajoelina manokana ireo tra-boina any Atsimo ireo?




Raha miresaka Filoha *«voafidy»* tokoa dia ity no tsikaritry ny be sy ny maro : fa aiza ry Didier Ratsiraka, Zafy Albert, Marc Ravalomanana? Tsy voatery vola anie no omena fa teny fampiononana tsotra dia efa nety. Ny Filoha frantsay -azo lazaina fa vaovao-, François Hollande, aza nahavita nandefa taratasy fampiononana sy fanampiana avy amin'ny governementany.

LE PRÉSIDENT DE LA RÉPUBLIQUE

Paris, le 1er Mars 2013

Monsieur le Président,

C'est avec une vive émotion que j'ai appris le passage du cyclone Haruna et les pluies qui l'ont précédé, qui a fait de nombreuses victimes. Dans ces douloureuses circonstances, je vous adresse mes plus sincères condoléances, ainsi que celles du peuple français face à ce drame.

Mes pensées vont d'abord aux familles des disparus et à leurs proches en ces moments d'intense peine. Mes pensées vont aussi vers vous, Monsieur le Président, et vers la nation malgache toute entière, profondément affectée par cette tragédie. La France est disposée à vous apporter une assistance qui sera acheminée depuis la Réunion.

Vous assurant de la solidarité du peuple français en ces heures de deuil, je vous prie d'agréer, Monsieur le Président, l'assurance de ma très haute considération.

Bien à vous,

François HOLLANDE

*Son Excellence*
*Monsieur Andry RAJOELINA*
*Président de la Transition de la République de Madagascar*
*TANANARIVE*

[illegible] izany




[illegible] bona




**Tanora vao misondrotra mandray anjara am-pitiavana**




VIDEO TAMIN'NY ASABOTSY 2 MARS 2013 ETO